

Ny Vidiny Nividianana

Novidina tamin'ny sarany lafo aho; an'Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Diniho ny vidiny naloan'i Jesosy. Voalaza mazava tsara ny vidiny amin’ny ampahany samihafa ao amin’ny testamenta vaovao. Ao amin’ny Asan’ny Apostoly 20:28, i Paoly dia niteny tamin’ny loholon’ny fiangonana tany Efesosy, nanao hoe:

> "Koa tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra, izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny rany."

Mariho fa nanome anarana miavaka an’i Jesosy hoe “Andriamanitra” i Paoly. Hoy izy, “Andriamanitra... nividy [ny fiangonana] tamin’ny Rany.” Ny sandam-bidy dia ny ran’i Jesosy. Avy eo, ao amin’ny 1 Petera 1:17, vakiantsika:

> "Ary raha Ilay tsy mizaha tavan’olona, fa mitsara araka ny asan’izy rehetra, no antsoinareo hoe Ray, dia mitondrà tena amin’ny fahatahorana mandritra ny andron’ny fivahinianareo etý."

Tsy tahotra momba ny fanandevozana no resahiny, fa ny fahatsapana lalina momba ny amin’ ny andraikitra noho ny vidim-panavotana nomen'i Jesosy antsika. Tsy tokony hihevi-tena ho mora mihitsy isika. Rehefa tsapantsika fa navotana tamin’ny ran’i Jesosy isika, dia tsy afaka ny hanamaivana ny tenantsika.

> “Fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy volamena, no nanavotana anareo tamin’ny fitondrantena adala, izay azonareo tamin’ny nentin-drazana, fa ny ra soan’i Kristy, toy ny ran’ny zanak’ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina.” (andininy 18–19)

© 2008 - Dries Du Plessis

Ny vidiny naloan'i Jesosy mba hanavotana antsika dia ny Rany sarobidy. Antsoina hoe Zanak’ondrin’Andriamanitra, tsy misy kilema ary tsy misy pentina Izy. Ny kilema dia zavatra nateraky ny zava-boary. Ny pentina dia zavatra manimba na mandoto azy avy eo. Tsy misy kilema i Jesosy, izany hoe tsy misy fahotana fototra Izy, ary tsy misy pentina Izy, izany hoe tsy misy fahotana manokana Izy. Ny Rany tonga lafatra no nanavotra antsika.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa nividy ahy Ianao. Manambara aho fa navotan’ny ra sarobidin’i Jesosy aho. Efa olom-boavidy aho; An'Andriamanitra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★
Fandikana: WD-B097-194-MLG
Nohavaozina farany: 13 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis